WIKIPEDIA

Fiteny irlandey

Ny **fiteny irlandey**, izay atao hoe **fiteny gaelikan'i Irlandy** na **fiteny gaelika irlandey**, dia fiteny seltika ao amin'ny vondrom-pitenin'ireo fiteny gaelika izay tenenina ao amin'ny nosin'i Irlandy hatramin'ny niavian'ireo Gaela. Io no fiteny ofisialin'i Irlandy ka ny manaraka azy ao dia ny fiteny anglisy sady fitenim-paritra izy ao Irlandy Avaratra araka ny Dina eoropeana momba ny fitenim-paritra na fitenin'ny vitsy anisa. Lasa fiteny ofisialy ao amin'ny Vondrona Eoropeana izy tamin'ny 13 Jona 2005 ary izany fanapahan-kevitra izany dia nanomboka nanan-kery tamin'ny 01 Janoary 2007. Ireo faritra vitsivitsy mbola misy mpiteny irlandey dia atao hoe Gaeltachtaí.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_irlandey&oldid=968727"

Voaova farany tamin'ny 9 Martsa 2019 amin'ny 13:09 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.